# “Iray amin’ireo teny azon’ny olona avy tamin’ny tenin’ny faminaniana voalohany dia izao : ‘Raha tsy menatra intsony ianao, dia ataovy izay tianao.’ ”

Niteny Abo Mas'ondi, 'Okbato ibno 'Amri Al-Ansowaarii Al-badrii (R.A), fa ny Irakan'i Tompo Allah (S.W.A) dia nilaza hoe : “Iray amin’ireo teny azon’ny olona avy tamin’ny tenin’ny faminaniana voalohany dia izao : ‘Raha tsy menatra intsony ianao, dia ataovy izay tianao.’ ”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Nolazain'ny Mpaminany amintsika fa anisan'ireo hafatra avy amin'ireo mpaminany teo aloha ary nifandimbiasin'ny olona teo amin'ny samby izy ireo, ary nolovain'izy ireo tao anatin'ny taonjato maro nifandimby, mandra-pahatongany tamin'ny fiandohan'ity vahoaka ity, dia ny hoe: Jereo ny zavatra tianao hatao, ka raha zavatra tsy tokony hahamenatra anao izany, dia ataovy, ary raha zavatra tokony hahamenatra anao, dia avelao; Ny sakana amin’ny fanaovana asa ratsy dia ny henatra, ka izay tsy mahalala menatra dia manaram-po amin’ny fahalotoam-pitondran_tena sy ny asa ratsy rehetra.

https://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/66523